MARS
2022

# Farimamy

Le magazine de la canne à sucre de Madagascar



ANTANAMIFAFY

## TANY FISEDRANA

## IREO KARAZANA FARY VAOVAO

P. 3

VAOVAO

P. 7 Ny mahakasika ny saha fisedrana ireo fary ao Antanamifafy

P. 12 Ny fary sy ny tontolo iainana

FANADIHADIANA

P. 15 Ny fomba fambolena fary araka ny teknika indostrialy

ANTOTANISA

P. 20 Antotanisa momba ny seha-pihariana fary mandritra ny 5 taona farany

Tsidio ny tranokala
WWW.CMCS.MG

# Édito


FARIMAMY N° 1 - Mars 2022
Revue semestrielle
Centrea Malgache de la Canne et du Sucre
Lot III L 111 Fiadanana - Tsimbazaza - 101 Antananrivo Madagascar

TONIAN'NY FAMOAHANA
RAKOTOARIVONONA Njivatiana
Mpandrindra ny tetikasa PARC

PARFAIT Abdou Razako
Talé jeneralin'ny CMCS

REDACTION
RAKOTONOELY Tantely
RAKOTOARIMALALA Ariliva
RAJAONARISOA Zo

FANANTONTOSANA
Cellule COMMUNICATION - CENTRE MALGACHE DE LA CANNE ET DU SUCRE

SARY
Cellule COMMUNICATION - CENTRE MALGACHE DE LA CANNE ET DU SUCRE

SOUTIEN FINANCIER
UNION EUROPEENNE
PROGRAMME RINDRA




Ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy na ny CMCS - sy ny Masoivohon'ny Vondrona Eoropeana eto Madagasikara - DUEM - dia nanao sonia famatsiam-bola ny volana febroary 2019, araka ny fifanarahana n° FED/2018/400-913. Ny tanjona atao amin'izao famantsiam-bola izao, dia ny « hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny CMCS amin'ny fitantantana sy ny fanantanterahana ireo asa mifandraika amin'ny fampiroboroboana ny seha-pihariana siramamy eto Madagasikara ». Mitentina 550.000 euros izany famatsiam-bola izay ary ampiasaina ao anatin'ny 48 volana, ka ny 90 % dia avy amin'ny Vondrona Eoropeana amin'ny alalan'ny fandaharan'asa RINDRA, ary ny 10 % kosa dia avy amin'ny CMCS.

## Famintinana ny Fandaharan'asa RINDRA

Ny Fandaharanasa RINDRA na « Renforcement INstitutionnel vers le Développement de la Résilience Agricole » dia tetik'asa tohanan'ny Vondrona Eoropeana vola, araka ny fanampahan-kevitry ny comisiona eoropeana mahakasika ny fandaharan'asa isan-taona 2017 ho an'ny Repoblikan'i Madagasikara izay ao anatin'ny 11e FED. Mitentina 41 559 649 euros izany vola izany. Ny 40 000 000 euros dia avy amin'ny vondrona eoropeana ary ny 1 559 649 euros kosa dia fandraisana anjara an'i Madagasikara. Mifantonaka amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra ity fandaharanasa ity. Arak'izany, dia maro ireo rafitra misehatra amin'ny fambolena sy ny fampiroboroboana ny eny ambanivohitra no nisitraka ity famatsiam-bola ity.

| NY VOLA AZO | NY ISAN'NY MPISITRAKA | NY VOKATRA ANDRASANA |
|---|---|---|
| 550.000 Euros | 3.500 Mpamboly fary | 500 tokatrano<br>220.000 olona |

# SOMMAIRE


**ÉDITO 2**

VAOVAO

SAHA VAOVAO HISEDRANA

IREO FARY VAO AVY NAFARANA 4

FAMETRAHANA ORINASA MADINIKA

FANODINANA SIRAMAMY MIISA ROA 5

NY KARAZAM-PARY TC2

MISEDRA OLANA 6

FANARAHA-MASO NY TANIM-PARY FANAOVANA ANDRANA AO ANTANAMIFAFY 7

LOZA MITATAO HO AN'NY FAMBOLENA FARY 8

FITONDRAHAN'NY OMBY AMIN'NY VOLY 9

TSARA NY TAOM-PAMOKARANA SIRAMAMY 2021/2022 10

MATANJAKA TSARA NY SEHAM-PIHARIANA SIRAMAMY 11

**FANADIHADIANA**

NY FARY SY NY TONTOLO IAINANA 12

FIKARAKARANA NY TANIM-PARY 14

FIKARAKARANA NY BOTIRA NA MASOMBOLY 15

FOMBA FAMBOLENA 15

FANONDRAHANA FARY 16

NY FIAVANA FARY 17

NY FANOSOHANA

NYFARY MATY MASO 18

NY FANOHOFANA FARY 18

NY FANDONAHANA NY TANY 19

**ANTOTANISA**

FAMOKARANA FARY 20

FAMOKARANA SIRAMAMY 22

FAMOKARANA ALIKAOLA 23





## Iza moa ny CMCS

Araka ny didim-pitondrana laharana 2015-523, ny CMCS (Centre Malgache de la Canne et du Sucre), ny CMCS dia sampandraharaham-panjakana afaka mamokatra sy mivarotra na EPIC. Manana fizakan-tena aram-pitantanana sy ara-bola izy. Ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Industria, ny Varotra ary ny Fanjifana (MICC) sy ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiombiana (MINAE) no miahy lafiny ara-teknikan'ny CMCS raha toa ka ny Minisiteran'ny Toekarena sy Vola no miandraikira ny lafiny ara-bola.

Ny foiben-toeran'ny CMCS dia ao amin'ny Lot III L 111 - Fiadanana Tsimbazaza - 101 Antananarivo.

## Ireo andraikitry ny CMCS

Ny CMCS dia miandraikitra an'ireto asa manaraka ireto :

- manolotra sy manatanteraka ireo fepetra rehetra handaminana sy hampivoarana ny seha-pihariana fary, siramamy sy ireo vokatra hafa rehetra azo avy amin'ny fary ;
- mandray anjara amin'ny fandaminana ny seha-pihariana ary miantoka ny fampiroboroboana indrindra ny famokarana fary, siramamy sy ny vokatra hafa azo avy aminy ;
- mampivoatra ny fahafaha-mifaninana, ny taham-pamokatra ary ny faharetan'ny seha-pihariana ;
- mampivelatra ny orinasa fanaovana siramamy madinika eny ambanivohitra ;

## Ny Foibe dia manana an'ireto tanjona ireto :

- mampotombo, manatsara ny vokatra ara tsiramamy ;
- mampivelatra ny famokarana angovo maintso azo avy amin'ny fary.

## Ny fandaharanasa RINDRA sy ny CMCS

Mitana toerana lehibe eo amin'ny lafiny fiaraha-monina sy toekarena ny fihariana siramamy. Ahafahana mametraka fandrosoana lovainjafy izy indrindra eo amin'ny tontolo ambanivohitra. Maro koa ireo rohim-pihariana azo trandrahina ao anatiny. Izany fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra izany no isan'ny ivon'ny fandaharanasa RINDRA. Ary mifanojo tanteraka amin'izany ny seham-pihariana siramamy. Ny CMCS no rafitra ara-panjakana mandrindra an'io seham-pihariana io. Noho izany indrindra no antom-pisian'ny tetikasa PARC (Programme d'Appui aux Renforcement des Capacité) ho fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny CMCS izay tohan'ny vondrona eoropeana vola.

## Ireo zava-kendren'ny tetikasa PARC

### Zava-kendrena amin'ny ankapobeny

Ny zava-kendrena dia ny fandraisana anjara amin'ny fampivelarana maharitra ny seham-pihariana siramamy hahatongavana amin'ny fahavitan-tena ara-tsiramamy amin'ny taona 2030.

### Zava-kendrena manokana

Ny tanjona dia ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny CMCS amin'ny fandrindrana sy famantanterahana ireo asa mifandraika amin'ny fampiroboroboana ny fihariana siramamy eto Madagasikara.

## Ny zavatra andrasana amin'ny tetikasa

- Ireo rafitra sy paikady apetraka dia mamaly ny filàn'ny mpisehatra rehetra ;
- Apetraka ny rafitra hizarana sy hifanankalozana ireo angom-baovao ;
- Mihatsara ny fahaiza-manao eo amin'ny fandrindrana sy fitantanana ny seham-pihariana.

## Faharetan'ny tetikasa

48 volana

## Itoerana hiasan'ny tetikasa

Ambilobe, Namakia, Brickaville, Antanamifafy (Mahajanga II), Mahatalaky (Taolagnaro), Fanadrana (Toamasina) ;

## Résultat final

Tombanana ho 4 000 ny tokatrano voakasika sy hisitraka ny vokatry ny tetikasa, izay ahitana 3 500 ankohonana mpamboly fary ary 500 tokatrano manao asa mifandray amin'ny fary ahitana orinasa sy mpitatitra.

ANTANAMIFAFY

# SAHA VAOVAO HISEDRANA IREO FARY VAO AVY NAFARANA

Nametrahana saha vaovao hijerena ireo fary vao nafarana izay mirefy 1 ha ao Antanamifafy. 48 ireo karazana fary izay novolena ao. Ny tanjona dia ny hijerena ireo fary tsara karazana ho an'ny orinasa fanaovana siramamy ao an-toerana sy hahafahana mametraka ireo paikady amin'ny fitsinjarana masomboly fary ho an'ny tantsaha.



Ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy na ny PARC-CMCS, izay tohanan'ny Vondrona Eoropeana vola, izay tafiditra amin'ny fandaharanasa RINDRA, ny orinasa fanaovana siramamy ao Antanamifafy, ao amin'ny Distrikan'i Mahajanga II, dia nahazo tany mirefy 1 ha, hanaovana andrana hijereana ny kalitaon'ny fary vao avy nafarana.

Mahatratra 48 ireo karazam-pary nambolena amin'ity saha ity. Ny tanjona dia ny hahitana ireo masomboly tena mety amin'iny faritra iny, ka azo ambolena tsara rehefa tonga ny fotoana hiodinan'ny orinasa. Na dia teo aza ny zavatra maro nanahirana kely, indrindra ny lafiny ara-toetr'andro, dia naniry tsara avokoa ireo masomboly fary natao tamin'io toerana io. Telo volana aty aoriana, dia tena hita fa naniry tsara ireo fary ireo. Mamototra tsara ary tsy misy aretina na bibikely mihinana. Amin'izay fotoana izao, ny Orinasa sy ny CMCS dia miditra amin'ny dingana faharoa ny fikarakarana fary. Io dingana io moa dia ahitana ny fiavana, fanotohofana ary ny fanafazana zezika. Nomena fiofanana moa ny mpiasan'ny orinasa talohan'ny nanaovana ny asa rehetra.

**Fampitomboana ny karazam-pary.** Eo amin'ny fahatelo volany izao ny fary. Ka rehefa feno 10 volana izany, dia tokony hafindra sy ampitomboina indray izy ireo. Izany dia mitarika avy hatrany ny tokony hikarakarana ny tany hasiana azy ireo. Efa nahavita 0.5 ha ny orin'asa amin'izao fotoana izao. Na izany aza dia efa nanomboka ny fitadiavana tany hasiana azy ireo ka nampian'ny teknisianin'ny CMCS ny orinasa nanatanteraka izany tao Ambanjabe. Nisy toerana hafa koa notiliana hiomanana amin'izay mety ho sakana amin'ny tany voalohany. Ity tany faharoa ity koa da mamaly tsara ny filàn'ny fary amin'ny toe-tany.

**Tetikasa an'ny ONUDI.** Tsara ny manamarika fa ity tetikasa fanodinana siramamy izay any Antanamifafy ity dia vokatry ny fiaraha miasan'ny Vondrona Eoropeana, ny ONUDI ary ny governemanta malagasy.

FICHE PROJET

TETI-BOLA AMPIASAINA
1.500 euros
ISAN'NY ORINASA NATSANGANA
2
TOERANA
ANTANAMIFAFY
MAHATALAKY
ISAN'NY KARAZANA FARY
48 variétés pour Antanamifafy

TETIKASA ONUDI

# Fametrahana orinasa madinika fanodinana siramamy miisa roa



Sary : Orinasa fanaovana siramamy Antanamifafy

Ny Faritra Anosy sy ny Faritra Menabe no faritra nisitraka voalohany ny tetikasa fametrahana orinasa madinika fanaovana siramamy. Ireo tetikasa ireo dia voarakitra tao anatin'ny paikady fanarenana ny seha-pihariana siramamy na SNASS izay tohanan'ny ONUDI sy ny Vondrona Eoropeana vola.

Ho fanohanana sy hampiakarana ny famokarana siramamy eto Madagasikara, hahatongavana amin'ny fahavitan-tena ara-tsiramamy, dia misy ny fiaraha-miombon'antona eo amin'ny Governemanta Malagasy sy ny ONUDI. Vokatr'izany dia orinasa madinika roa no natsangana any Antanamifafy sy Mahatalaky.

**Ireo toeram-pamokarana.**

Ao Antanamifafy, anatin'ny Distrikan'ny Mahajanga II, Faritra Boeny no ahitana ny orinasa ao voalohany raha toa ka ao Mahatakaly, Distrikan'i Taolagnaro, Faritra Anosy no misy ny orinasa faharoa. Natsangana ireo orinasa ireo ho modely ho an'ireo mpandraharaha maniry ny hisehatra amin'ny famokarana siramamy. Ny fampihenana ny fahantrana any ambanivohitra amin'ny alalan'ny famoronana asa maharitra no tanjona lehiben'ny tetikasa. Isan'ny zavatra andrasana amin'ity tetikasa ity ny fanatsarana sy fanomezana lanja ny vokatra eto an-toerana izay vokarin'ireo tantsaha madinika. Ny fampiroboroboana ny seham-pihariana siramamy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasan'ny fanjakana sy ny tsy miankina no tanjona.

**Ireo mpisitraka mivantana.**

Ahitana karazany roa ny mpisitraka mivantana an'ity tetikasa ity. Ny voalohany dia ireo Fikambanan'ny tantsaha : mpamboly madinina, mpanamboatra siramamy sy ireo mpandraharaha tanora any ambanivohitra amin'ny faritra misy ny tetikasa. Ny sokajy faharoa dia ny mpandraharaha ao anatin'ny seha-mpamokarana fary amin'ny ankapobeny.

Ho an'ny CMCS kosa, dia misitraka ireo fitaovana sy fampitaovana rehetra avy amin'ny ONUDI, mba hahafahany manohana mitohy ny mpiantsehatra rehetra anatin'ny seham-pihariana.

FICHE PROJET

**Teti-bola ho an'ny tetikasa**
2.346.289 euros

**ONUDI**
146.289 euros phase I

**UNION EUROPÉENNE**
2.200.000 EUROS

**MPAHAZO TOMBONY MIVANTANA**
Mpamboly madinika, mpanao siramamy gasy, mpandraharaha miisa 1000 farahafakeliny.

**FARITRA HIASANA**
Faritra Anosy - CR Mahatalaky
Faritra Boeny - CR Ambalakida

KARAZAM-PARY

# NY KARAZAM-PARY TC2 MISEDRA OLANA

Miisa 48 ireo karazam-pary nambolena any Antanamifafy. Isan'izany karazam-pary izany ny TC2. Kanefa misedra olana izy. Tsy mety aminy ny toe-tany sy ny zava-misy any Mahajanga. Ny tsy fahampian-drano no isan'ny tena tsy zakany.

Ny TC2 dia isan'ireo karazana fary vaovao novolena any Antanamifafy. kanefa dia misedra olana mafy izy ankehitriny. Tsy araka ny noeritreretina ny fitsiriny. Azo lazaina hoe tsy mahazaka ny toetany any izy raha araka ny fanaraha-maso natao taminy. Ny tsy fisian-drano no tena tsy zakany.

**Fanondrahana.** Ny fanondrahana atreto no vahaolana hita ho an'ity karazam-pary ity. Tena mila rano izy hahafahany mitsiry araka ny tokony ho izy. Kanefa dia tsy izay no zava-misy eto satria maina tanteraka ny tany any Mahajanga vokatry ny fiovan'ny toetrano. Maro be ny antony tsy hahavitana ny fanondrana any antoerana na dia efa miezaka manao ny ainy tsy ho zavatra aza ny mpikarakara.

**Miezaka sy tsy kivy ny mpandraharha.** Mba hitazonana ny ain'ity karazam-pary ity, dia miezana mafy ny orinasa M.E.O. manao izay azony atao. Isan'ny fanampahan-kevitra noraisina ny fitanterana rano avy any Mahajanga hanondrahana azy. Ka ny arrosoire no fitaovana ampiasaina amin'izany. Mahomby aloha ilay vahaolana atreto kanefa manoloana ny filàna ara-drano izay takian'ny fary TC2, dia azo heverina ho vonjimaika ihany izany.

**Lava-drano.** Rehefa nojerena ny manodidina, na dia eo aza ny fisian'ny « matsabory » izay somary manalavitra ny tanim-pary ao Ambanjabe, dia ny fihadiana lava-drano no vahaolana hita fa mety haharitra ho an'ny fanondrahana fary any. Azo antoka anefa fa lafo izany kanefa dia nampiseho fahavononana tanteraka ny orinasa hanatanteraka izany. Arak'izany, dia hisy tsy ho ela ny fanadihadiana hahafahana manao an'izany. Ny teknisianin'ny CMCS koa moa dia vonona rahateo hanampy amin'ny fanatontosana an'izany.



Sary : Fary TC2

# FANARAHA-MASO NY TANIM-PARY FANAOVANA ANDRANA AO ANTANAMIFAFY

Isan'ny asa iandraiketan'ny Foibe Malagasy momba ny Fary sy ny Siramamy ny fampidirana karazana fary vaovao. Alohan'ny hizarana ireo masomboly fary ireo any amin'ny tantsaha anefa dia misy dingana maromaro tsy maintsy atao. Isan'izany ny fanaraha-maso ny toetrany sy ny faniriny. Ny zava-kendrena amin'izany dia ny hahitana ireo fary mamokatra tokony ho zaraina.




Tafapetraka tamin'ny volana jona 2021 ny tanim-pary fanaovana andrana eto Antanamifafy. Tamin'ny alalan'ny tetikasa Parc no nanaovna an'izany. 48 ireo karazam-pary novolena ao amin'io toerana vaovao fanaovana andrana io. Tsy maintsy araha-maso akaiky arak'izany ny fomba fanirin'ireo fary ireo. Tsy nataon'ny teknisian'iny CMCS ambanin-javatra izany. Misy arak'izany ny fanaraha-maso mitohy sy maharitra ireo fary ireo. Ny mpiasan'ny orinasa M.E.O. no miandraikitra an'izany fanaraha-maso izany rehefa tsy eo ny CMCS. Ary mandefa tsy miato ny antotanisa rehetra mahakasika ny fivoaran'ny fary izy ireo amin'izany. Afaka mamaha avy hatrany ny olana miseho ny teknisianina arak'izany.

> Tena nahafa-po ny fanarahana ny toromarika nataon'ny mpiasan'ny orinasa M.E.O. Niantoka ny fahombiazan'ny fambolena ny fary izany.

**Fikarakarana.** 3 volana taorian'ny fambolena dia miditra amin'ny famafazana ny «2ème dose» ny zezika K sy N. Atoa Richard RAMANANTSIALONINA, izay injeniera amin'ny fambolena no nitarika izany asa izany. Ny fiavana, fanatohofana ary fanondrahana ary famafazana zezika no asa natao.

**Fanajana toromarika.** Afa-po tanteraka tamin'ny asa nataon'ny mpiasan'ny M.E.O ny teknisianin'ny CMCS satria dia voahaja ara-bakiteny ireo toromarika rehetra nomena. Izany fanarahana toromaroka izany no isan'ny nampahomby ny fambolena fary. Voarakitra an-tsoratra avokoa ny zavatra nitranga sy natao rehetra. Izany dia nanamora ny fanaraha-maso ilay fambolena.

**Fanampiana sy fampitana fahalalana.** Nohararaotina koa moa ity fotoana ity mba hanamafisana ny fahaizan'ireo mpiasa ao amin'ny orinasa M.E.O. mahakasika ny fikarakarana ny fary. Teo koa ny fampianarana momba ny fikarakarana ny tany ho volena fary. Ny tanjona tamin'ity moa dia ny hanomanana ny tany hamindrana ireo karazam-pary 48 ireo atsy ho atsy. izany hoe afaka 10 volana eo ho eo.

FIOVAON'NY TOETRANDRO

# LOZA MITATAO HO AN'NY FAMBOLENA FARY

Mipetraka ho adi-hevitra lehibe ho an'izao tontolo izay ny fiovan'ny toetrandro. Voasokajy ho isan'ny ireo firenena telo marefo indrindra i Madagasikara manoloana ny voka-dratsin'izany. Efa hita izany raha amin'ny hamafin'ny rivo-doza, sy ny fiakaran'ny hafanana ary ny fihenan'ny rotsak'orana. Ny fambolena moa no tena mizaka izany fiovan'ny toetrandro izany.



Photo : pépinière à Ambanjabe - Antananmifafy

Madagasikara dia isan'ireo firenena marofo amin'ny fiovan'ny toetrandro. Manaporofo izany ny hain-tany izay miatraika amin'ny faritra maro manerana ny Nosy. Isan'izany ny Faritra Boeny, izay misy ny tetikasa iarahana amin'ny ONUDI mahakasika ny fametrahana orinasa madinika hamokatra siramamy. Nisy tanimpary 0.5 ha izay nasiana masomboly fary ao Ambanjabe izay tena misedra olana tokoa. Na dia eo aza ny ezaka ataon'ny orinasa amin'ny fanondrahana, dia tsy mahavaha ny olana izany manoloana ny hain-tany mianjady.
Misy toerana misy rano ihany ao, irony antsoina hoe « matsabory » irony kanefa dia tsy misy azo atao satria dia miharitra ihany koa ny rano ao ka tsy azo tovozina na sintomina amin'ny « moto-pompe » akory. Nanao tatatra ihany ny orinasa hisintomana ny rano kanefa dia ritra eny andalana ny rano noho ny haintany mafy loatra. Ny hany vahaolana hita aloha atreto dia ny fanondrahana amin'ny siny ny tanim-pary.

**Fitrandrahana rano anaty tany.** Manoloana izany, dia mila vahaolana maharitra mba hisorohana an'izao tsy fahampian-drano izao. Ny fiadiana lavadrano no vahaolana hita hoe mahomby satria dia misy rano ihany ao ambanin'ny tany ao. Ny fahadiovan'ny rano no isan'ny tombotsoa iray lehibe aza amin'ity fintrandrahana rano ambanin'ny tany ity. Isan'ny tombony koa ny fananan rano amin'ny fotoanan'ny maintany. Lafo ihany anefa izany fitrandrahana rano izany amin'ny voalohany, kanefa raha oharina amin'ny vokatsoa azo dia azo atao ihany. Hisy fanadihadiana hatao arak'izany hahafahana mamaritra ny fandaniana mety ho lany amin'ny fanantaterahana azy.

**Lakan-drano.** Tokony hifanindran-dalana amin'izany koa anefa ny fanaovana lakan-drano hahafahana mitatitra ny rano any anaty tanim-pary any. Tafiditra anatin'izany koa ny fananganana siniben-drano hahafahana mitahiry ny rano. Tokony ho jerena anatin'izany koa ny fomba hamenoana an'ireo siniben-drano ireo amin'ny alalan'ny fampiasana paompin-tanana, sy ireo fantsona rehetra ilaina amin'ny fizarana ny rano hahamora ny fitantanana ny rano amin'ny fotoana tsy fisian'ny orana.

AMBILOBE

# FITONDRAHAN'NY OMBY AMIN'NY VOLY

Isehoana fifanolanana foana any Ambilobe ny fotondrahan'ny omby amin'ny tanim-pary. Miseho indrindra izany amin'ny fotoana mahamaina ny tany ka tsy hisian'ny vilona. Tsy ampy ny tany iandrasana omby sy ny tsy fisiana fefy amin'ny tanim-pary no mahatonga izany.



Sary : omby mitondraka - Antenina

Isan'ny asa fivelomana ataon'ny malagasy rehetra manerana ny nosy ny fiompiana omby indrindra any ambanivohitra. Ny omby no marika hahafantrana ny harenan'ny olona iray. Arakaraka ny isan'ny omby ananan'ny mpiompy iray no hananany toerana eo amin'ny fiaraha-monina. Ankoatr'izay, dia mitana toeran lehibe eo amin'ny lafiny ara-toekaren'ny tontolo ambanivohitra ny omby. Fitaovam-piasana tonga lafatra izy. Isan'ny faniriana ho an'ny tantsaha iray ny hanana omby iray na maromaro. Ary samy miezaka manao izay hahazoana ny olona tsirairay. Izany indrindra no mitarika ny fitomboan'ny omby any faritra Ambilobe iny. Amin'ny lafiny fihariana, dia tsara izany fa ho an'ny fambolena fary kosa dia olana ny fitomboan'ny omby.

**Tsy fahampian'ny kijana.** Rehefa tapitra ny orana, dia maina avokoa ny bozaka amin'ny kijana tany fiandrasana omby. Mitarika olana izany ho an'ny fiandrasana omby, osy ary ondry. Matetika dia tsy ampy sakafo ireo biby ireo noho izay antony izay. Maro ny omby no matin'ny hanoanana satria dia tsisy vilona intsony eo amin'ilay toerana. Lasa olana lehibe ho an'ny tompon'omby àry ny famahanana ny fananany.

**Mana.** Etsy ankilany, ny fambolena fary dia atao amin'ny faran'ny orana. Satria tin'ny fary tokoa iny hamandoana navelan'ny orana iny. Rakotra zana-pary mitsimoka ny tanim-pary rehetra. Milenodenoka sy malemy tsara ireo zana-pary vao mitsiry ireo. Toy ny mana avy any andanitra izany fitsimohan'ny fary izany ho an'ny tompon'omby.

**Mitondraka.** Mitsiry ny hevitra ho an'ny tompon'omby. Mba hamonjena ireo biby izay efa ho matin'ny mosary, dia misafidy ireo mpiompy hampitondraka ny ombiny anaty tanim-pary. Ka matetika amin'ny alina no anaovany an'izany ary ny maraina vao mahatsikaritra ny fahasimbana ny tompon'ny tanim-pary. Ho an'ireo tanim-pary somary manalitra ny tanana, dia matetika amin'ny andro atoandro no hanaovany an'izany fampitondrahana omby izany. Miteraka lonilony ara-piaraha-monina goavana izany tranga izany. Tonga hatrany amin'ny fifampikasihan-tanana mihitsy izany indraindray.
Mitaraina arak'izany ny mpamboly fary ka mitaky ny tokony hametrahana DINA hifampifehezan'ny fiaraha-monina. Mahomby tokoa izany kanefa mbola lavitra ny lalana hahatongana amin'ny fampiharana izany.

Seham-pihariana siramamy

# TSARA NY TAOM-PAMOKARANA SIRAMAMY 2021/2022

Nizotra tsara ny taomp-pamokarana siramamy ho an'ny taona 2021/2022. Tsy dia nahitana olana goavana izany. Nahitana fiakarany ny famokarana fary ho an'ny faritra Ambilobe sy Namakia manokana.

**Ambilobe**

Ho an'n taom-pijinjana 2021/22, dia nahitana fiakarany ny famokarana fary. Nahatratra 4.24 % izany fiakaranana izany. Raha 524 139,57 taonina izy ho an'ny te taom-pijinjana teo aloha dia tafiakatra 547 370,17 taonina izany ho an'ity taona ity.

Maro ny antony nahatonga an'izany :

- Isan'ny antony iray lehibe nahatonga izany ny fitomboan'ny velaran-tany voavoly fary ny taona 2019/20. Nahatratra 13,39 %. izany. Raha 3 050,97 Ha izany tamin'ny taon-dasa dia 3 518,53 ha izany tamin'ny taona 2020/21 ;
- Eo koa ny fiakaran'ny taha-mpamokarana fary ho an'ny fary voalohany na « canne vierge » nahatratra 80 taonina isaky hekitara iray izany ;
- Nitombo koa ny isan'ny mpambly fary. Raha tamin'ny taona 2019/20, ny isan'ny mpamboly fary dia 689, lasa 815 izany tamin'ny taona 2020/21, izany hoe niakatrat 15,46 % izany.

**Namakia**

Nahitana fiakarana avo dia avo koa ny famokarana ho an'i Namakia. Nahatratra 20,85 % izany taha izany. Raha 194 477,08 taonina izany teo aloha, dia lasa 245 700,25 taonina ankehitriny. Ny farin'ny orinasa dia 206 146,87 taonina ary 161 051,48 taonina teo aloha. Nahatratra 21,88 % izany taha-mpiakarana izany. Ho an'ny tantsaha kosa dia niakatra 15,49 % izany. Nahatratra hatrany amin'ny 39 553,38 taonina izany ho an'ity taona ity raha toa ka 33 425,60 taonina izany ho an'ny teo aloha.

Ankoatra ny fanarahana ny toromarika momba ny fambolena fary na ilay antsoina hoe ITC (Itinéraire Technique de la Canne à Sucre), dia nisonadina ny fiakaran'ny velaran-tany voavoly. tamin'ny 2019/20, dia 695,10 ha izany. Tafiakatra 746,89 ha izany ho an'ny taona 2020/21. Izany hoe nahatratra 6,93 % izany. Ankoatr'izay, dia niakatra 36,25 % isan'ny mpaboly. Raha 51 izy ireo teo aloha, dia lasa 80 tamin'ity taona 2020/21 ity.


Sary : Fanaterana farin'ny tantsaha ho an'ny ozinina - Ambilobe



Seham-pihariana siramamy

# MATANJAKA TSARA NY SEHAM-PIHARIANA SIRAMAMY



Sary : Fambolena fary

Azo lazaina fa salama tsara ny seham-pihariana fary na dia eo aza ny olana madinidinika amin'izao fotoana izao. Nahavotra mihoatra izay tokony vitany avokoa ny orinasa roa mpanao siramamy eto amintsika na izany ny any Namakia na ny any Ambilobe.

Mizotra tsara ankehitriny ny fanarenana ny orinasa fanaovana siramamy ao Brickaville. Efa vonona sy afaka mandeha ny « distillerie ». Ho an'ireo orinasa kely roa tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny ONUDI, dia eo ampiandrasana ny fanaovana andrana ara-teknika isika. Miandry ny fahatongavan'ny teknisianin'ny orinasa APOLLO avy any Inde izany andrana izany. Io orinasa indianina io no nanamboatra an'ireo fitaovana rehetra ilaina amin'ireo orinasa roa ireo. Marihina moa fa ao Antanamifafy sy Mahatalaky no misy an'ity tetikasa ity.

Isan'ny manamarika izay tanjaka ny fihariana izany koa ny fiakaran'ny fanjifana siramamy eto Madagasikara. Makasika ny fitsipi-dalao hifampifehezana, dia efa andanalana ny fankatoavana ny paikadim-pirenena hoentina hampivoarana ny fihariana siramamy eto amintsika. Ny fanatsarana ny siramamy gasy koa dia efa andalana amin'izao fotoana izao. Nanomboka tamin'ny fampitaovana ireo tantsaha izany ka any Mandritsara no nisantarana an'izany. Ity fampitaovana ny tantsaha ity moa dia vatsian'ny Vondrona Eoropeana vola amin'ny alalan'ny tetikasa PARC-CMCS. Io tetikasa io dia ao anatin'ny fandaharanasa RINDRA.

## LA SOCIETE AGRICOLE SUCRIERE MALAGASY

Antsoina hoe SASM ny SIRAMA ao Maromamy Brickaville sy ny any Nosy be. Rehefa nikatona nandritra ny 20 taona izany dia efa andalam-piodinana kosa amini'zao. Efa vita tanteraka ny fanarenana ny ao. Ary efa niroso tamin'ny fanaovana andrana ara-teknika maromaro ry zareo

Hiara-hiasa amina tantsaha miisa 800 ity orinasa lehibe ity. Mbola miandry kosa ny fanarenana ny ao Nosy be noho ny olana ara tany.

Miankina amin'ny fivoaran'ny fepetra momba ny fisokafan'ny sisin-tany noho ny COVID-19 ny andrana ara-teknika amin'ireo orinasa roa ao Antanamifafy sy Mahatalaky. Raha mivaha ny olana dia azo antoka fa handeha ny taom-pamokarana 2022/23 amin'ireo faritra roa ireo satria afaka hiasa ireo teknisianina indiana izay nametraka an'ireo orinasa roa ireo.

# Ny fary sy ny Tontolo iainana

Maneran-tany dia misy fanontaniana mipetraka foana manoloana ny fambolena ara-indostrialy goavana mahakasika ny hafasimban'ny tontolo iainana. Voateny manokana amin'izany ny fambolena soja indrindra any amin'ny faritra amazonia sy Amarika afovoany iny.

*Mba manao ahoana kosa ny amin'ny fambolena fary àry ?*

Firenena maro no nanaovana fanadihadiana amina tranga maro samihafa. Mitovitovy avokoa anefa ny vokam-pikarohana. Amin'ny ankapobeny, ny fambolena fary dia ahaozoana tombony ara-tontolo ianana raha oharina amin'ireo voly hafa.

## Eny amin'ny saha

**Voly afaka hiadiana amin'ny fikaohan'ny.** Ny fary dia miaro ny tany amin'ny filatsahan'ny orana. Manana anjara asa lehibe ny raviny. Rehefa latsaka ny orana, dia ny raviny no mandray voalohany ny orana. Mihena arak'izany ny fandavahan'ny orana ny nofon-tany izay mahatonga ny riaka. Ankoatr'izay, Ny foto-pary dia mitana mafy sy miaro amin'ny fikaohan'ny riaka. Mahazaka rivo-doza koa ny fary.

**Fitrohana karibaona.** Manana fahafahana mitroka karibaona ($CO_2$) betsaka koa ny fary raha oharina amin'ny voly hafa. Raha ny fanadihadiana natao tany Brezila, ny tany antsasan'hekitara dia mitroka $CO_2$, 30 taonina ary mamokatra aoksizena 21 taonina. Arak'izany, ny fary dia afaka miady amin'ny fiakaran'ny marimpanan'ny tany manarakarana ny ala voajanahary. Afaka manampy sy manavotra ny tany izany ny fary amin'ny fiatrehana ny fisondrotry ny marimpana.



**SUR LE WEB**

Mety ho inona ny anjara toeran'ny fary eo amin'ny lafiny ara-ekolojia ? Ny lahatsoratra iray nivoaka tao amin'ny gazety Nature Climate Change dia toa resy lahatra amin'izany. Satria raha araka ny fanadihadiana natao tany Brezila, ny fary dia manao pao-droa amin'ny hamaintsona. Afaka manome solika maintso ho an'ny fiara izy ary afaka ihany koa mampidina ny hafan'ny tany.

in https://www.futura-sciences.com/planete/actualites/developpement-durable-canne-sucre-refroidit-climat-29546/



**Mitana rano ny fary.**

Mitana rano ny fary raha ny fanadihadiana natao. Tsy mila rano afa tsy 15 mm izy ho an'ny iray taonina. Izany hoe, ny fary 100 taonina dia mila rano 1 500 mm na io rano atondraka na io orana.

## Any anaty orinasa

Rehefa hanao siramamy, dia ny ranom-pary no alaina voalohany. Rehefa azo àry ny ranom-pary dia misy faika mivoaka ao dia ny « faikam-pary » izany. Io faikam-pary io dia tena vokatra azo sy ilaina mihitsy ho an'ny orinasa mpanao siramamy. Antsoina hoe «**bagasse**» io faikam-pary io. Ny ankamaroan'ny orinasa mpanao siramamy dia mampiasa io faika io hahazoana herinaratra ilaina amin'ny fampandehanana ny orinasa. Tanterina any amin'ny « chaudière » ny faikam-pary ho dorana ho solona kitay hamanana rano. Rehefa mafana ny rano dia mientona. Iny enton-drano iny indray avy eo no entina any « salle de turbinage » hahazoana herinaratra. Sokajiana ho angovo maintso sy azo avaozina io herinaratra azo amin'ny faikam-pary io. Ambonin'izay, ny lavenona ao avy aminy, dia afaka ampiasaina tsara ho zezika hampamokatra ny tanim-pary satria dia manan-karena fôsifôro sy potasiôma izany lavenona izany .

Rehefa azo indray ny siramamy dia misy faika hafa mivoaka dia ny **« melasy »** izany. Io indray no aotrika ka ahazana ny raoma (rhum), ny alikaola ary ny éthanol. Rano madity miloko mainty izany izy io. Mbola misy siramamy sy otrik'aina maro ao anatiny ary azo atao sakafo tsara izy. Maro no mampiasa azy ho kaonfitira na solon-tsiramamy tsotra izao. Rehefa afangaro amin'ny rano izy dia ahaozana zava-pisotro mamy sy maivana ary be otrikaina.

Misy faika hafa mivoaka koa mandritra ny fanamboarana siramamy, tsy inona izany fa ny « **ekioma** ». Ny « écumes » dia feno otrikaina maro be. Azo avy amin'ny fitatavanana ny ranom-pary izy io. Izany hoe rehefa asiana sokay ny ranom-pary, dia lasa any ambany ireo fotaka sy loto. Ireto farany ireto indray no diovina satria mbola ahazoana siramamy izany. Matetika dia ampiasaina ny ekioma ho zezika satria manankarena fôsifaty izy. Azo ampiasaina ho fanampin-tsakafo ho an'ny biby koa ny ekioma. Misy koa ny mitrandraka ny ekioma hahazoana vokatra ho an'ny tarehy amam-bika. Isan'izany ny savoka ekioma ilaina amin'ny fanatsarana ny tarehy sy ny bika.

Rehefa avy manao toaka na rhum, dia misy faika hafa mivoaka koa. Io faika io dia ny « **vinasy na vinasse** ». Izy io indray dia faika mitsiranoka azo avy amin'ny fampiasana ny melasy. Manankarena pôtasiôma ny vinasy. Azo ampiasaina ho zezika ihany izy saingy mila fanadihadiana lalina izany. Tsy misy zavatra very mihitsy izany ny fary ka atahorana handoto ny tontolo iainana fa azo ahodina avokoa ireo zavatra ao anatiny.

NY FAMBOLENA FARY

# Fikarakarana ny tanim-pary





Sary : Fikarakarana tanim-pary - Mahatalaky - Taolagnaro

Rehefa hamboly fary, dia ny fikarakarana ny tany no atao voalohany. Tsy ataotao foana anefa izany dingana izany. Miankina amin'io ny fahombiazan'ny fambolena.

## Fisafidianana ny tany

Zava-dehibe ny fifidianana ny tany alohan'ny hambolena fary. Miankina tanteraka amin'ny hatsaran'ny tany ny vokatra. Raha azo atao dia tokony ho tany lonaka sy be nofon-tany, maleny, tany roka ary tany mando no mety. Afaka volena ihany koa ny tany baiboho ka be nofontany sy laliina ary manana taha alkalina na pH eo anelanelan'ny 7 à 7,5. Mety amin'ny fary ireo karazana tany ireo.

## Fanomanana ny tany

Mba hanamorana ny asa dia tsara raha esorina avokoa ireo lobolobe sy bozaka ary zava-maniry hafa. Amin'ny ankapobeny, dia ny angadin'omby na charrue no fitaovana ilaina rehefa hiasa ny tany. Fa ho an'ireo tany kely velarana koasa dia afaka atao amin'ny angady izany.Ny halalin'ny vava asa dia tokony ho 25 sm eo ho eo arakaraka ny tany. Atao indroa (in-2) ny fiasana ny tany hampaleny azy sady hanamorana toro vainga. Rehefa voatorotoro àry ny bainga, dia atao ny fanaovana ny « sillon » ka ao anatin'io no apetraka ny botira. Ny halalin'ny « sillon » dia tokony ho 15 na 20 sm eo ho eo arakaraka ny hamandoan'ny tany. Ny elanelan'ny «sillon» roa dia tokony ho 0,90 sm raha hanao fiavana amin'ny tanana fa raha hampiasa trakitera kosa dia 1,20 sm izany elanelana izany. Miankina amin'ny fandrin'ny tany sy ny fitsoky ny rivotra ny fizotry ny « sillon ».







# FIKARAKARANA NY BOTIRA NA MASOMBOLY



Sary : Fanomanana botira - Mahatalaky - Taolagnaro

Botira no atao rehefa hamboly fary. Noho izany dia mila fikarakarana manokana izy. Miantoka ny fahatsaran'ny fitsomohana ny kalitaon'ny botira. Mila fidiana manokana mihitsy izany ny fary atao analana botira. Arak'izany dia misy fepetra tsy maintsy harahina rehefa hanao botira. Ny taonan'ny fary atao botira dia zava-dehibe tokoa. Tokony ho 7 na 8 volana ny taona tena mety. Tokony mitovitovy koa ny halavan'ny vaniny. Kendrena mba ho fary salama, tsy ahitana fahavakiana na lavaka nataon'ny bibikely na misy aretina. Ny botira iray dia tokony hisy vaniny telo. Ny vaniny tsirairay dia tokony hisy masony avokoa. Tokony hisy masony telo  izany ny botira iray.

## FOMBA FAMBOLENA

Misy fomba roa ny fambolena fary. Misy ny atao  hoe fambolena mitandahatra tokana ary misy koa sy fambolena fary mitandahara roa. Miankina amin'ny habetsaky ny botira ireo. Raha ny tokony ho izy, dia mila botira 4 ka hatramin'ny 8 taonina ny tany 1 hekitara. Tokony asiana zezika koa anefa ny «sillon» alohan'ny hametrahana ny botira. Kendrena mba hahazo sisiny ny mason'ny fary hanamorana ny fitsomohany. Rehefa voapetraka mitandahatra ny fary dia totofana tany manify ka 2 ka hatramin'ny  10 sm izany arakaraka ny vanim-potoana. Amin'ny ririnina dia 2 na 3 sm ny hateviny fa raha amin'ny andro fahavaratra koas dia 4 na 5 sm,  ary amin'ny fotoana maina dia 7 ka hatramin'ny 10 sm izany.







| | |
|---|---|
| **1 HA** mila | 3 ora hiasana tany amin'ny trakitera<br>4 ka hatramin'ny 8 taonina ny botira<br>36 ny mpiasa ilaina hamboly fary |
| **FOTOAM-PAMBOLENA** | na alohan'ny filatsahan'ny orana na aorianan'ny fotoam-pahavaratra. |

NY FAMBOLENA FARY - FIKARAKARANA

# FANONDRAHANA FARY

Ilaina dia ilaina tokoa ny fanondrahana ny voly fary indrindra ho an'ireo faritra kely rotsak'orana. Mila rano izy manditra ny fitomboany sy ny fahatoizany. Mety hiteraka voka-dratsy ho an'ny fary ny tsy fahampian-drano indrindra rehefa mitombo izy. Any amin'ny kalitao sy ny taham-pamokarana no hahitana izany vokatra ratsy izany.



Sary : lakandrano lehibe fanondrahana -Ambilobe

Mila tondrahana intelo farahakeliny ny fary mialoha ny fahatoizany. Raha iny izy vao avy nambolena iny dia tondrahana avy hatrany. Izany hoe rehefa voatototra tany ny « sillon » misy ny botira. Amin'ny voalohany dia mila rano 1 000 m$^3$ ny 1 hekitara. Averina indray izany fanondrahana izany rehefa afaka 10 andro taorianan'ilay voalohany teo. Tondrahana farany izy rehefa afaka telo herinandro aorian'ilay fanondrahana faharoa .



Raha fambolena vaovao, ny fanondrahana dia tokony atao ny andron'ny fambolena fary na faraharatsiny ny ampitson'iny ihany ka 1000 m$^3$/ha no ilaina. Avy eo 8 hatramin'ny 10 andro aorian'ilay voalohany. Ny fanondrahana fahatelo dia tokony atao afaka telo herinandro aorian'ilay faharoa. Mitohy isaky ny telo herinandro izany avy eo 1000 m$^3$/ha.

Ho an'ny solofom-pary : isaky ny 3 herinandro na 1 isam-bolana ka 1000 m3/ha ny rano ilaina.

## FANDRITANA RANO

Mba hialana amin'ny fitsihifan'ny rano tafoatra loatra any anaty tany ka hitarika fahamandoana diso be loatra, dia tsara ny mametraka tatatra fanarian-drano. Ilaina izany fandritana rano izany ho an'ny fitomboan'ny foto-pary, sy hampafana ny tany ary hahafan'ny fary miady amin'ny aretina maro.

NY FAMBOLENA FARY - FIKARAKARANA

# NY FIAVANA FARY

Ny fiavana fary dia fomba iray atao hiadiana amin'ny fihanaky ny ahi-dratsy amin'ny tany fambolena iray. Ireo ahi-dratsy ireo dia mifaninana amin'ny fambolena atao ka mihinana ireo otrikaina rehetra anaty tany. Matetika dia resiny foana ny fambolena noho ny hamaroany.

Ny ady amin'ny ahidratsy dia atao avy hatrany raha vantany vao mamboly fary. Matetika dia ny famafazana fanafody miady aminy no atao mialohan'ny hametrahana ny botira. Ahafahana misakana avy hatrany ny fitsimohan'ny ahi-dratsy izany. Kanefa tsy ampy izany hanakanana ny firongatrany ao anaty tanim-pary. Maro arak'izany ny fomba azo atao hiadiana amin'ny fiparitan'izy ireo. Fomba telo no ampiasaina teto amintsika hiadiana amin'izy io : ny fiavana amin'ny tanana, ny fiavana amin'ny milina ary ny fiavana amin'ny alalan'ny fampiasana fanafody.

**Ny fiavana amin'ny tanana.**

Ity fomba ity dia miompana amin'ny fanongotana ny ahidratsy amin'ny tanana. Ampiasaina am'izany ny fitaovana enti-tanana toy ny angady sy ny sarcleuse. Atoby eny ivelan'ny tanim-pary ny bozaka voaongotra ary matetika dia dorana na alevina ho lasa zezika no hiafarany.

**Fiavana mampiasa milina.**

Ny fampiasana fitaovana goavana toy ny trakitera no mampiavana ity fomba iray ity. Haingana sy mahoby ity teknika ity. Ny orinasa lehibe no tena mampiasa azy. Ka fitaovana toy ny « bineuse » no ampiasaiina. Ho an'ny velaran-tany kelikely, dia mety koa ny « charrue » taritin'omby.

**Fiavana simika.**

Ity teknika ity dia mifantoka amin'ny fampiasana fanafody simika. Mila fitaovana manokana toy ny « pulvérisateur » ny fanatanterahana azy.

NY ISAN'NY FIAVANA MBA HAHAZAHOANA VOKATRA TSARA

Ny fary vao novelana dia mila avaina 3 ka hatramin'ny 5 mandritra ny telo volana voalohany aorian'ny fambolena. Miankina amin'ny habetsaky ahidratsy izany.

Ho an'ny solofom-pary kosa izay efa nahazo fiavana taloha, dia matetika tsy dia feno ahidratsy izy ireo. Noho izany, dia avaina indroa na intelo izy dia efa ampy

Raha araka ny fanadihadiana natao tamin'ny mpamboly fary any Ambilobe, dia mitentina 180 000 ariary eo ny vola ilaina raha hiava fary 1 hekitara.







NY FAMBOLENA FARY- FIKARAKARANA

## NY FANOSOHANA NY FARY MATY MASO

Matetika dia aorian'ny fiavana voalohany no atao ny fanosohana ireo fary maty maso ka tsy nitsiry. Mamboly botira amin'ny tany hafa mifanila amin'ny tanim-pary no atao. Ny tanjona dia ny hanana fary mitovy taona amin'ny fary voavoly. Misy koa fomba iray manolo ny fary maty maso amin'ny loham-pary. Afala manenjika tsara ny mamany izy amin'izay.







## NY FANOHOFANA FARY

Ny fanohofana fary dia fanasiana tany atao mivangongo amin'ny foto-pary. Natao izany mba hiarovana ny fary tsy hazeran'ny rivotra sy hanafanana ny fotom-pary mba tsy ho tratry ny hatsiaka. Natao koa ny fanohofana hahafahana mitondra ny rano any amin'ny fakan'ny fary. Afaka atao tsara koa ny miady amin'ny fihanaky ny ahi-dratsy amin'ny alalan'ny fanohofana ny fary.

Maro ny fitaovana azo ampiasaina hanohofana fary, toy ny angady na koa ireo fitaovana toy ny « charrue » na « bineuse » na « buteuse ». Ho an'ny tantsaha any Ambilobe ohatra dia mampiasa angadin'omby ry zareo hanohofana fary. « Betany » moa no filazan'ireo tantsaha ity any Ambilobe.



NY FAMBOLENA FARY - FIKARAKARANA

# Ny fandonahana ny tany

Ny tantsaha rehetra dia samy mieritreritra ny hahalonaka ny taniny ahafahana mampitombo ny vokatra. Ny fampiasana zezika no isan'ny fomba be mpampiasa indrindra amin'izay lafiny izay. Maro araka izany ny hevitra ny teknika ampiasaina. Ny fizahana ny ravina na ny atao hoe « diagnostic foliaire » no fomba isan'ny mahomby hijerena ny zavatra tsy ampy amn'ny zava-maniry iray ka hahafahana mandray fanampahan-kevitra ny amin'izay tokony hatao. Lafo sy somary sarotra anefa ity fomba ity.

Ho an'ny orinasa mpamokatra siramamy, ny fampiasana ny faika azo avy amin'ny fanodinana fary no atao. Tsy lafo mihitsy ity fomba ity. Ny « écumes » no ampiasaina amin'izany. Manankarena amin'ny sokay sy ny asidra fôsfôrika izy. Azo atao koa ny mampiasa ny sokay entina handonahana ny tany. Ho an'ny tanimboly ara-dalana, 1 hekitara, dia mila 3 hatramin'ny 5 taonina vovo-tsokay. Fa ho an'ny tany somary latsaka ny pH ananany izany hoe latsaky ny 4.5, dia 1 ka hatramin'ny 3 taonina ny sokay ilaina.

Ho an'ny zezika fikojakojana kosa, dia ny NPK no tena ampiasaina matetika. Io dia zezika simika hifangaroan'ny azota (N), ny fôsifôro (P) ary ny pôtasioma (K). Ny fary vao avy nambolena dia mila 100 kg ny azota, 60 kg ny fôsifôro ary 150 kg ny pôtasiôma.

**Ny fiainan'ny fary**

Ahitana dingana maro ny tsingerim-panirian'ny fary. Roa herinandro aty aorian'ny nambolena azy, dia mipoitra ny zana-pary. Io no diangana fitsimohana. Ny diangana manaraka indray dia ny fitomboana. Manomboka io dingana io eo amin'ny faha 4 herinandron'ny fambolena ka maharitra hatrany amin'ny 5 na 7 volana any ho any arakaraka ny karazana fary. Eo amin'ny faha 10 volany indray dia manomboka ny dingana fahatoizana. Mitsahatra ny fitomboana, ary mamelana ny fary sasany. Ny taom-pijinjana fary dia manomboka ny volana jona ho antsika eto Madagasikara ka mifarana ny volana novambra. Eo anelanelan'ireo volana ireo no matoy ny fary ka ahazoana siramamy betsaka tokoa.

**Ny fanapahana fary sy ny fambolena fary.**

Ny tsingerim-panapahana fary dia ny elanelan'ny fijinjana fary voalohany sy ny ny fajinjana faharoa amin'ny tanimboly iray. Manodidina ny 12 ka hatramin'ny 14 volana eo ho eo izany. Ny tsingerim-pambolena indray dia ny elanelan'ny fambolena voalohany sy ny fambolena fary faharoa. Maharitra 5 taona eo ho eo izany amin'ny antsalany. Izany hoe rehefa nojinjaina in-5 ny fary iray, dia esorina tanteraka amin'ny tany ary dia mamboly vaovao indray. Mihena be mantsy ny tahan-tsiramamy amin'izay. Misy kosa anefa mahatratra hatrany amin'ny 7 taona izany, toy ny any Ampondralava - Distrikan'Ambilobe.







# FAMOKARANA FARY

### Orinasa ao Ambilobe

Ny orinasa ao Ambilobe no lehibe indrindra amin'ny famokarana siramamy. Ao ambilobe ko a no ahitana ny velan-tany midadasika indrindra voavoly fary. Ao koa no misy ny mamboly fary betsaka indrindra. Amin'ny antsalany, dia manodidina ny 396 861,75 taonina ny siramamy vokariny. Tamin'ny taom-pijinjana 2017/18 no tafiakatra avo izany vokatra izany. Nahitana fidinana teo amin'ny 5,63 % teo anefa izany ho an'ny taom-pinjana farany teo raha oharina amin'ny teo aloha. Ny fahateran'nyfary sy ny fiovaovan'ny toetrandro no isan'ny antony lehibe nahatonga izany. Ny fisian'ny COVID 19 koa dia isan'ny nandray anjara tamin'izany. Ny faritra DIANA dia isan'ny ivon'ny aretina tamin'izany fotoana izany. Maro ny fepetra noraisina tamin'izany teto Madagasikara, toy ny fampihenana ny isan'ny mpiasa miasa. Teo koa ny fanatsaharana mihitsy ny asa sasany. Nisy fiatraikany teo amin'ny orinasa ireny fepetra rehetra ireny na mivantana na ankolaka.

### Orinasa ao Namakia

Ho an'ny orinasa ao Namakia, ny famokarana fary dia manodidina ny 220 000 taonina eo ho eo isan-taona. Nahitana fihenana ihany koa izany ho an'ity orinasa ity raha oharina amin'ny taona teo aloha. Eo amin'ny 2.75 % eo izany fihenana izany. Mitovitovy amin'ny tao Ambilobe ihany ny antony nahatonga ireo fihenana ireo. Niharan'ny tondra-drano koa ny Distrikan'i Mitsinjo tamin'ny taona 2020 nandritra ny fandalovan'ny rivo-doza Diane. Tanim-pary maro no simba tamin'izany.

### Orinasa tao Brickaville


Nahavokatra fary 5 603,67 taonina ny orinasa SASM. Nampiasaina nanaovana andrana ara-teknika ny orinisa izay vao avy navaozina ireo fary ireo.

*Fafana mampiseho ny vokatra fary nandritra ny 5 taona farany ho an'ny orinasa mpamokatra siramamy.*

| Orinasa | 2016/2017 | 2017/2018 | 2018/2019 | 2019/2020 | 2020/2021 |
|---|---|---|---|---|---|
| Ambilobe | 383 788,04 | 422 209,05 | 386 415,64 | 407 418,17 | 384 477,86 |
| Namakia | 238 789,22 | 233 183,00 | 244 575,58 | 199 480,52 | 194 000,00 |
| Brickaville | | | | | 5 603,67 |
| Totaliny | 622 577,26 | 655 392,05 | 630 991,22 | 606 898,68 | 584 081,53 |

loharanon'ny tarehi-marika : Sampandraharaha SIOPE- CMCS 2021

Sary fenohoana ny tarehi-marika tanaty fafana momba ny famokarana fary tao anatin'ny 5 taona





Sary : Tanim-parin'ny orinasa ao Ambilobe

### Ho an'ny tantsaha mpamboly fary ao Ambilobe

Nahitana fidinany goavana ny vokatra fary ho an'ny tantsaha tao Ambilobe tamin'ny taom-piamokarana 2020/21. Ankoatry ny fiovaovan'ny toetrandro, sy ny krizy ara-pahasalamana nandalo teto Madagasikara, dia nanampy totraka koa ny fidinan'ny vidin'ny fary. Maro be ireo mpamboly fary no niova sehatra mba hialana amn'ny fatiantoka meto ho azo. Taraiky koa ny fametrahana ny barazy amin'ny fasika (barrage à épi de sable) tao Andavakantsatsa hifehezanany fiakaran'ny rano amin'ny toerana sasany toy ny ao Mananjeba. Amin'ny antsalany ny voka-parin'ny tantsaha ao Ambilobe dia manodidina ny 160 000 taonina isan-taona eo ho eo.

### Ho an'ny tantsaha ao Namakia

Nahitana fitotonganana goavana manodidina ny 25,07 % eo ho eo ny tao Namakia. Izay dia vokatry ny fahapotehan'ny fambolena noho ny tondra-drano nianjady tao noho ny rivo-doza Diane

### Ho an'ny tantsaha ao Brickaville

Nahatratra 1 375.38 taonina ny vokatra fary tao ka noraisin'ny orinasa. Nandritra ny fanaovana anandrana no nandraisana ireo fary ireo.

*Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny vokatra fary ho an'ny tantsaha tao anatin'ny 5 taona farany.*

| Orinasa | 2016/2017 | 2017/2018 | 2018/2019 | 2019/2020 | 2020/2021 |
|---|---|---|---|---|---|
| Ambilobe | 183 176,12 | 159 643,29 | 139 292,14 | 181 107,60 | 139 661,71 |
| Namakia | 19 083,18 | 21 817,00 | 49 362,30 | 44 606,56 | 33 422,42 |
| Brickaville | | | | | 1 375,38 |
| Totaliny | 202 259,30 | 181 460,29 | 188 654,44 | 225 714,17 | 174 459,51 |

loharanon'ny tarehi-marika : Sampandraharaha SIOPE- CMCS 2021

| Ambilobe | | Namakia | | Brickaville | |
|---|---|---|---|---|---|
| 815 | mpamboly | 113 | mpamboly | 740 | mpamboly |
| 28 | fikambanana | Eo andalam-pananganana ny fikambanan'ny tantsaha | | 34 | fikambanana mpamboly fary |
| 3 518,53 | hekitara ny tanim-pary | 746,89 | hekitara ny tanim-pary | 750 | Hectares de terrain |



# Famokarana siramamy

**Ambilobe**

Nahitana fihenana manodidina ny 14.23 % ny vokatra siramamy raha oharina tamin'ny taon-dasa (2019/20). Nahatratra 58 221,95 taonina izany ho an'Ambilobe manokana, raha toa ka 67 880,40 taonina teo aloha. Sambany tao anatin'ny 5 taona no tsy nahatratra ny tsy nahatratra ny fetra fahafaha-mamokatrany ny orinasa. Io fetran'ny fahafaha-mamokatra siramamy ho an'ny orinasa io dia 61 000 taonina isan-taona. Noho ny fidinan'ny vokatra fary no anton'izany.

**Usine de Namakia**

Nihena koa ny vokatra siramamy ho an'ny taona 2020/21. Manodidina ny 21,84 % izany fihenana izany. Tsy nahatratra ny fahafahany mamokatra koa ity orinasa ity. Ny vokatra siramamy ho an'ny taona 20120/21 dia 22 693.95 taonina raha 29 024.00 taonina izany teo aloha. Nisy fatiantoka 6 330 taonina izany.

**Usine de Brickaville**


Namokatra siramamy 24,95 taonina ny orinasa.

*Aseho amin'ity fafana ity ny vokatra siramamy teto Madagasikara nandritra ny 5 taona farany :*

| Orinasa | 2016/2017 | 2017/2018 | 2018/2019 | 2019/2020 | 2020/2021 |
|---|---|---|---|---|---|
| Ambilobe | 65 957,10 | 67 461,45 | 61 714,00 | 67 880,40 | 58 221,95 |
| Namakia | 30 772,70 | 29 353,35 | 28 468,30 | 29 024,00 | 22 693,95 |
| Brickaville | | | | | 24,95 |
| Fitambarany | 96 729,80 | 96 814,80 | 90 182,30 | 96 904,40 | 80 940,85 |

Loharanon'ny tarehi-marika : Service SIOPE- CMCS 2021

Ny fary 1 taonina dia ahazoana siramamy 100 kg amin'ny ankapobeny. Miankina tanteraka amin'ny kalitaon'ny milina ampiasaina anefa izany.



# FAMOKARANA ALIKAOLA

**Ambilobe**

Azo tenenina hoe mari-toerana ny famokarana alikaola ho an'ny orinasa ao Ambilobe raha oharina amin'ny taom-pamokarana lasa. Amin'ny ankapobeny dia mamokatra alikaola madio 42 851.98 hekitôliatra isan-taona ny orinasa ao Ambilobe. Izany fahamarinan-toerana izany dia azo adika ho avy amin'ny kalitaon'ny fitaovana ampiasaina ao amin'ny distillerie. Tsara ny fitaovana ampiasaina ao, dia tsara toy izany koa ny vokatra azo. Ny melasy (melasse) no akora ampiasaina hanaovana alikaola ao Ambilobe fa tsy ranom-pary.

**Namakia**

Ho an'ny distillerie ao Namakia kosa, dia nahitana fihenana 24.19 % ny famokarana alikaola. Misy ifaindraisany betsaka amin'ny fihenan'ny vokatra fary izay fihenana izany. Satria melasy koa no ampiasaina eto. Ho an'ny toana 2020/21, ny alikaola madio vokatra dia 22 845.40 hekitôlitatra, raha 30 136.20 hekitôlitatra izany teo aloha Amin'ny antsalany dia mamokatra alikaola 30 141,64 hl ny orinasa ao Namakia.

*Asehon'ity fafana manaraka ity ny vokatra alikaola ho an'ny orinasa tao anatin'ny 5 taona farany.*

| Orinasa | 2016/2017 | 2017/2018 | 2018/2019 | 2019/2020 | 2020/2021 |
|---|---|---|---|---|---|
| Ambilobe | 45 710,00 | 48 192,00 | 40 000,00 | 40 350,00 | 40 007,89 |
| Namakia | 32 726,60 | 34 800,00 | 30 200,00 | 30 136,20 | 22 845,40 |
| Fitambarany | 78 436,60 | 82 992,00 | 70 200,00 | 70 486,20 | 62 853,29 |


loharanon'ny taheri-marika : Sampandraharaha SIOPE- CMCS 2021

**ALIKAOLA**

Ny alikaola dia vokatra azo avy amin'ny fanatatavanana ny melasy.

**RENDEMENT**

Ny alikaola azo dia 250 % ny lanjan'ny melasy nampiasaina.








**Any anaty tranokala sy tambajotra sosialy izahay :**

http:\\www.cmcs.mg

pagecmcs



















CENTRE MALGACHE DE LA CANNE ET DU SUCRE
Lot III L 111 Fiadanana - Tsimbazaza
101 Antananarivo - Madagascar

Nombre de tirage : 100 exemplaires
Numero : 00001 - Martsa 2022

La version électronique en format PDF est disponible gratuitement sur notre site